# FANKALAZANA NY FO MASIN'I JESOA – Taona 2025 D



## *NY FON'I JESOA NO ILAY FO FATRA-PITIA NY OLOMBELONA.*

Ry Kristianina havana, fotoan-dehibe ho antsika tokoa ity andro anio ity satria miaraka amin'ny Eglizy maneran-tany isika olo araiky ato amin'ny diosezy izay faly mifampiarahaba manokana satria andro ankalazantsika ny Fo masin'i Jesoa mpiaro antsika eto amin'ny Katedraly, Mpiaron'ny Diosezy. Amin'ny Alahady no hankalazantsika an'izany toy ny isan-taona nefa noho ny daty mifanindry dia ataontsika amin'izao zoma izao ka mifanaraka tsara amin'ny andro fankalazana eran'ny diosezy, eran-tany koa ka an-kafaliana sy an-karavoana no iarahabana antsika mianakavy androany fankalazana ny Fo masin'i Jesoa mpiaro ny diosezintsika izao satria izay Mpiaro ny Katedraly Renin'ny Eglizy eto amin'ny diosezy no Mpiaro antsika tsiraikiraiky sy ISIKA OLO ARAIKY JIABY. Misy akony manokana ny fankalazana amin'ity taona ity satria ao anatin'ny fiatrehantsika ny Sinaody izao. Manaraka izany mbola samy mahatadidy isika fa na I Madagasikara aza dia natokan'ny Fivondronanam-ben'ny Eveka ho an'ny Fo Masin'I Jesoa. Mampirisika antsika bebe kokoa hifikitra amin'ny Fo Masin'I Jesoa izany. Amin'ity taona ity dia tsy amin'ny Alahady no ankalazaintsika azy satria I Md Piera sy Paoly no ankalazaintsika.

> **Vakiteny I :** ***Ez 34, 11-16***
> **Tononkira :** Sal 22, 1-3a. 3b-4.5-6
> **Vakiteny II :** ***Rm 5, 5-11***
> **Evanjely :** Lk 15, 3-7

Enga anie izao fankalazana izao hanampy antsika hahatsiaro fa manana FO mitempo tokoa isika. Tsy hoe ilay FO taova fotsiny no banjinintsika amin'izao fahatsiarovantsika ny Fo masin'i Jesoa izao fa ny FO izay ao amintsika ihany koa dia ilay sitrapo manambara ny maha-antsika

antsika, ilay FO izay manambara ny toetra ananantsika sy fototra maha-antsika antsika. Tsy misy mahalala ny ao am-pontsika ao fa Andriamanitra irery no mahafantatra azy ary ao amin’ny FO no toerana anaovantsika ny safidy ho entintsika manatanteraka izay safidy izay, ao koa no toerana ihaonana sy ifandraisantsika amin'ireo manodidina antsika. Enga anie ho FO velona ny fontsika ary Fo mitempo fitiavana satria ny Fitiavana no itovizantsika endrika amin'Andriamanitra. Azo lazaina àry fa io FO io no mampiombona antsika, maha olona araiky antsika.  Fantaro ihany koa fa raha mankalaza isika dia tsy hibanjina fotsiny fa hivelona izay banjinintsika. Koa izao fankalazana ny Fo Masin'i Jesoa izao izao anie hanamasinana ny Fontsika hanahaka ny Fon'i Jesoa. Masina ny fontsika raha onenan'i Jesoa.

Eto dia tsara ny manamarika fa rentsika tamin’ny Evanjely fa ilay fanoharana mampibaribary ny FAMINDRAMPON’ANDRIAMANITRA no nosafidian’ny Eglizy mba ho tsapantsika fa na manao ahoana na manao ahoana ny fiainantsika dia vonona mibaby antsika i Jesoa Mpiandry Ondry tsara. Tsy izany ihany ny fanoharana fa raha ny Evanjelin’i Md Joany no raisina dia ambarany fa ny fon’I Jesoa nolefonina dia nisy «rano sy rà» nivoaka tamin’izany fo izany. Io no niteraka ny Eglizy sy niteraka ny Sakramenta. Manambara ilay Ain’Andriamanitra raisintsika amin’ny batemy ka mahatonga antsika ho zanak’Andrimanitra. Sarobidy tokoa ny Fon’I Jesoa.

Andeha isika hiaraka handinika ireo Tenin’Andriamanitra aroson’ny Eglizy amin’izao fankalazana ny Fo Masin’i Jesoa izao fa indrindra ampifandraisintsika amin’ny zava-misy iainantsika ankehitriny vokatry ny rafi-pahotana mangeja antsika, mamatotra antsika.

Ny vakiteny voalohany Bokin’i Ezekiela Mpaminany dia mankahery antsika satria Andriamanitra mihitsy no manolo-tena hitarimy sy hikararakara antsika Ondrikondriny «maditra» mihahaka, mandao ny valany. Be famindram-po Izy ka tsy avelany ho very isika fa angoniny ary entiny hihinana amin’ny tany be vilona. Izany no Andriamanitsika. Tsy Andriamanitra lavitra fa Andriamanitra Ray Be Famindram-po, miara-dalana amintsika, ny hafaliana ho Azy dia isika voavonjy ka ireo lavitra hangonina ho vala tokana.

Ny vakiteny faharoa kosa dia manantitrantitra amintsika i Md Paoly fa Famindrampo i Jesoa ka ny toetrantsika ratsy tsy nahasakana an’i Jesoa hamonjy antsika. Nampihavaniny Aminy isika ka tonga Olo Araiky amin’Andriamanitra, Fratelli Tutti, tonga Fianakaviamben’Andriamanitra. Nirodana noho ny Famindrampon’Andriamanitra tsy misy fetra ny rindrina rehetra. Tsy vitan’izany ihany fa noho izay famindram-po tsy misy fetra izay dia ny Fanahy Masina mihitsy no mandrotsaka ao am-pontsika ao ny Fitiavan’Andriamanitra mba hahatonga antsika koa ho FAMINDRAM-PON’ANDRIAMANITRA eo amin’ny manodidina antsika, izany hoe isika no zary Fon’i Jesoa eo anivon’ny Mpiara-belona.

Ny fanontaniana mipetraka dia ny hoe : inona no tsy maintsy ataontsika mba ho FO MASIN’I JESOA ISIKA EO ANIVON’NY MPIARA-BELONA ?

Tsy afaka hanaka ny fon'I Jesoa ny fontsika raha "encombré" feno ambouteillage … Inona no mety “mi-encombrer” ny fontsika ka mitarika korontana…? Tsy inona fa ny fitiavan-tena izay mahatonga antsika manilikilika ny hafa ka mampisy ny fisaraham-bazana ary ny herisetra. Ireo no vokatr'izay fitiavan-tena izay.  Ny hetraketraka no manjaka indrisy eo amin'ny fiaraha-monina noho io fontsika encombrén'ny fitiavan-tena io, tsy hita intsony ny maha-olona antsika. Enga anie mba tsy ho “bazar” ny fontsika ka na ny hametrahana tongotra aza tsy misy. Karaha izay ny fontsika raha encombré, tsy misy toerana ho an'I Jesoa…. Mila mahafoy toerana ho an'I Jesoa anefa isika…. Karaha izay koa ho masina tokoa ny fontsika izany hoe “misy an'Andriamanitra” satria izay tokoa ny atao hoe “masina”  dia raha tsy "encombré"n' ny fialonana. Io no mahatonga antsika manangana rindrina, na ao anatin'ny fianakaviana aza mifanapotika ary indrisy sahy mamono mihintsy noho izany fialonana izany… Tanteraka izany fahamasinana izany raha mifanompo ao anatin'ny fahamarinana isika, izany hoe ny fialonana no voahilika fa tsy ny hafa. Enga anie mba tsy "encombré"n' ny avonavona ny fontsika satria io avonavona io no mahatonga antsika hieritreritra fa tsy mila ny hafa na koa mahatonga antsika tsy mivelona ny endrika maha olona antsika aza. Tanteraka izany raha miala ao am-pontsika ny fihatsaram-belatsihy ary feno fanetren-tena isika ka feno fitokisana ny hafa ary indrindra mila ny hafa.

Samy mahatsapa ihany koa isika fa io Fontsika io ihany koa no ahatsiarovantsika ny maharary sy ny mavesatra ary ny fijaliana sy ny fahoriana eo am-piatrehana ny fiainana andavanandro. Tsy misy miafina amin'Andriamanitra izany satria araka ny henontsika tamin'ny Evanjely dia satria FAMINDRAM-PO izy ka mibaby ny rofintsika rehetra. Izy tsy nanota nanaiky ho fahotana mba hanafaka antsika amin'ny fahotana. Vonona hitondra antsika eo an-tsorony  i Jesoa.

Isika no zary Famindram-po, noho izany afaka mitondra an-tsoroka ireo havana voahilikilika isika satria efa narotsak'Andriamanitra ao am-pontsika ny fitiavany. Manahaka ny fon'i Jesoa isika na dia tsy mendrika aza. Izay no tena dikan'ilay vavaka ataontsika "Ry Jesoa malemy fanahy sy manetry tena, ataovy manahaka ny fonao ny fonay". Rehefa i Jesoa no mitoetra ao am-pontsika izany hoe raha malemy fanahy sy manetry tena isika dia ilay hasambarana voalazan'I Jesoa teo an-tendrombohitra no tanteraka : *sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany*. Inona moa no dikan'ny hoe “mandova ny tany”. Tsy inona fa voakarakara ity Tranobe Iombonana ity ka mahita fivelarana ny fianakaviam-ben'Andriamanitra, ny fianakavian-janahary, isika Olo Araiky Jiaby. Miainga avy amin'ny fianakaviana, “eglizy kely”, izany fanahafana an'I Jesoa malemy fanahy izany ka ho mpandova ny tany tokoa. Mbola maro ireo tanora nihaino io hafatra io tamin'ny JMJ teto amin'ny diosezy. "Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy".  Raha malemy fanahy isika dia tsy mirehareha na mipoerapoera fa mitady mandrakariva ny sitrak'Andriamanitra ary indrindra vonona hanompo.  Izay no làlana nentin'i Jesoa nitondra ny famonjena, izay ihany koa no làlana tsy maintsy ho entintsika ary mipololotra avy ao am-po ny fanetren-tena ary ao anatin'izay ny fahatsorana hany  ka mazava ny fiainantsika.

Manantanteraka ny fahamarinana isika, ho marina ny fiainantsika ary rehefa miaina ny fahamarinana isika dia olon-kendry, raha olon-kendry isika dia miezaka hanatsara mandrakariva ny fiaraha-monina. Manana modely isika amin'izany dia I Md Josefa. Mila Baba izao andro izao mba hitondra antsika amin'izay halemem-panahy izay ka hikolokolo ny Tranobe Iombonana. Mila Baba olona marina tahaka an'I Md Josefa.

Matetika nambarantsika fa isika izao no Kristy mpiara-belona amin'ny olona, isika no Kristy eo anivon'ny mpiara-belona amintsika ka anjarantsika àry ny mitondra ny Fon'i Jesoa, mampibaribary ny famindram-pon'Andriamanitra. Isika no mpiara-belona amin'ny olona amin'izao fotoana iainantsika izao ka aoka araky ny teny fanevan'ny Sinaody izay irintsika mba tsy ho teny manentana fotsiny fa zary fiainana satria izany no tanjon'ny Sinaody : HO EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA, MANDRAY AN-TANANA, IRAHINA ZARY TABERNAKLA VELONA. Enga anie ho "EOV MISIONERA isika. Raha tabernakla velona isika dia isika no fon'I Jesoa ka manasitrana ireo ratran'izao tontolo izao fa indrindra ny ratra entin'ny rafi-pahotana. Ny fibanjinantsika ny Fo Masina anie hanampy antsika handavorary ny fifandraisantsika. I Kristy no fihavanantsika ka enga anie ho "fihavanana sady kristianina no malagasy" no fihavanana entintsika mandrafitra ny fifandraisantsika rehetra ka handresy ny rafi-pahotana isika fa hampijoro kosa rafi-pivelomana hanampy ny rehetra hanana fivelarana amin'ny lafiny rehetra.

Raha tsapantsika fa io no lalana entintsika manorina ny ETA ny Eglizy Tranoben'Andriamanitra ka hirosoana amin'ny fianakavian-janahary, Olo Araiky isika, FRATELLI TUTTI dia hiova ny fiainantsika ka hanao "départ vaovao" tokoa ka zary fiainana araka ny maha zanak'Andriamanitra anatin'ny fampanjakana ny rariny, hanalavitra ny lainga sy ny fitapitaka fa hampanjaka kosa ny fahamarinana sy ny fihavanana, hiezaka hamolaka ny tena hiala amin'ireny fialonana, hiala amin'ireny avonavona, hiala amin'ny fitiavan-tena fa hikatsaka ilay sitrak'Andriamanitra izay hahasambatra antsika.

Andeha ho jerentsika akaiky ny fanoharana nomen'I Jesoa. Nilaza i Jesoa fa nisy mpiandry ondry nandao ireo ondry 99 mba hitady ilay iray very. Tsy tantara tsotra fotsiny io, fa fanehoana ny Fo be fitiavan'Andriamanitra mihitsy. Fo mahita ny very ny Fon'ny Mpiandry Ondry tsara dia I Jesoa. Fankaherezana izany satria na manao ahoana na manao ahoana tsy havelan'Andriamanitra ho very isika. Ary isika mba ahoana amin'izao andro sarotra izao? Betsaka no tsy miraharaha ny hafa, isika Kristy Mpiara-belona velomin'ny Fon'I Jesoa tsy afaka mijery fotsiny.

Manaraka izany Fo sahy mitady, mamela ny 99. Izany no Andriamanitsika. Sarobidy aminy isika rehetra. Tsy mitovy amin'ny fisainan'izao tontolo izao. Mba ho fanavotana antsika dia "sahy" nidina farany ambany I Jesoa. Niala ny lanitra, tonga olombelona, tonga nanakaiky antsika, tonga hitady izay very, tonga hanavotra antsika amin'ny faharavana. Izay ihany koa no lalana ho antsika fa indrindra amin'izao taon-jobilin'ny Fanavotana izao. Na dia tsy misy antenaina aza tahaka an'I Abrahama araka ny voalazan'I Md Paoly dia nahafoy izy ka nahazo

taranaka maro. Mila fo sahy izao androntsika izao raha tiantsika ny hiroso amin’ny finoana velona. Izany no andrasana amintsika amin’izao Sinaody faha 7 izao fa indrindra izao fijanonana faha 3 izao. Raha sahy tokoa isika ka mirotsaka mikatroka dia vonona hifampitsimbina, hifanasoa, hikatsaka ny soa iombonana…

Ny zavatra mampitolagaga amin’ity tantara ity dia ny hafalian’ilay mpiandry ondry. Hoy i Jesoa: “Misy hafaliana lehibe kokoa any an-danitra noho ny amin’ny mpanota iray mibebaka, mihoatra noho ny amin’ny olona 99 izay tsy mila fibebahana.” Ny Fo Masin’i Jesoa dia fo faly, fo mitempo noho ny fiverenantsika. Tsy fo mitsara, tsy fo te hampijalijaly antsika, fa fo mitrotro sy faly rehefa misy iray miverina. Ary isika kosa? Afaka mahatsapa izany fitiavana izany ve isika? Afaka manome famindram-po ho an’ny hafa koa ve, indrindra ireo izay mora tsaratsaraina sy anilihana?

Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny lanitra izy, aoka ny fontsika hanjakan'ny halemem-panahy, aoka ho feno fanetren-tena isika ka hahay hanompo ireo manodidina antsika fa indrindra ireo voailika, ireo mahantra mitady famonjena. Maro ny fahantrana amin'izao andro iainantsika izao, ao ny ara-nofo, ao ny ara-tsaina izay mangeja ny maro amin'izao fotoana izao ary indrindra ao ny fahantrana ara-panahy ka enga anie ny fon'i Jesoa hanenika an'izao tontolo izao amin'ny alalantsika tsirairay avy. Ny fontsika no zary fon'i Jesoa mitempo eo amin'ny manodidina antsika. ISIKA NO MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA hamafy fiadanana sy fanantenana. Hanamaivana izay rehetra mijaly sy ianjadiam-pahoriana ny fiombonantsika amin'ny Fo masin'i Jesoa ka amin'izay hiasa amin'ny alalantsika tokoa ny Fon'i Jesoa ka isika no zary Kristy mpiara-belona amin'olona. Masina Maria reny ampio izahay hanana fo madio tahaka anao mba ho vonona hahafoy, hanompo ny namana. Md Josefa, Ray Mpiaro ny Eglizy ianao, maro ny mitady handrapaka azy ankehitriny koa matoky ny fiarovanao ny fianakaviana “eglizy kely” izahay fa indrindra ireo anatin’ny fitsapana mafy. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson